GAZETY
tohiravina

TERAKA

www.teraka.org - n°14 - Febroary 2026 - MAIMAIMPOANA



MANATSARA NY HO AVY NY FAHAIZA-MITARIKA ANANAN'NY TANTSAHA

Ireo Soatoavina Fototra TERAKA : 1. Marina isika I 2. Mahitsy isika I 3. Mangarahara isika I 4. Miasa an-tsitrapo isika I 5. Miasa amin'ny fifanompoana isika I 6. Miasa amin'ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe I 7. Samy tompon'andraikitra isika

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin'ity Gazety ity :

1. **FANTARO NY FIDIRAMBOLANAO TANTSAHA AVY AMIN'NY FANDAHARANASA TERAKA: Ny fiarahantsika miasa no antoky ny fidiram-bola mety hositrahantsika**
2. **MIASA AMIN'NY TETI-BOLA AMBANY MBA HAHAZO VOKATRA LEHIBE**
3. **RAMOSE BRITTO: TEKNISIANINA MPITARIKA AMIN'NY FANATSARANA Ny TONTOLO IAINANA SY NY FIARAHA-MONINA**

Ity andian-gazety manaraka ity dia maneho ny herin'ny fandaharanasa TERAKA : tsy inona izany fa ny fahazotoan'ireo tantsaha mpikambana sy ny finiavan'izy ireo hamboly hazo mba hahazoana vokatra mandritra ny fotoana maharitra. Tsy fandaharanasa fambolen-kazo fotsiny ny TERAKA fa sehatra ahafahana mahazo traikefa amin'ny fitantanana ihany koa. Tamin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona sy ny traikefa nifampizaràna dia hitanay fa ny mamboly hazo dia mifono hevitra lalina : fanasoavana ny tany, ny rano, ny karazanjavamananaina ary ny taranaka.
Ny tahiry Karbaona dia antenainay fa ho lasa fidiram-bola matotra aoriana kely ao. Hetsika manan-danja ho an'ny orinasa iTeraka izany satria mampifandray ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fanatsarana ny farim-piainana.
Ny fifandimbiasam-pitarihana, izay voizina eny amin'ny Vondrona Madinika sy ny klastera dia manampy ny mpikambana tsirairay avy hanana toetra tia mandray andraikitra, ho feno fahatokisan-tena ary tia fifanampiana. Ny fifandimbiasam-pitarihana dia maneho fa ny fivoarana maharitra dia miatomboka amin'ny fandraisana andraikitra eny anivon'ny fiaraha-monina.
Ny fahaiza-manaon'ny tantsaha dia manaporofo fa na dia miainga amin'izay zava-misy eo am-pelatanana ary isika dia afaka mahavita zavatra maro.
Ankoatr'izay, ny vola hono taratasy, ny omby hena, ny tany fotaka fa ny olona no olona. Manan-karena isika manana olona toa an'i ramose Britto izay anisan'ny tantsaha miavaka noho ny fananany fomba fisainana tia manampy, be fandavan-tena ary manome izay tsara indrindra ho fanasoavana ny fiaraha-monina.

"Ny hevitry ny maro tokoa mahataka-davitra". 'Ndao ary hiara-hisalahy ho antoky ny fandrosoantsika.

1 - FANTARO NY FIDIRAMBOLANAO TANTSAHA AVY AMIN'NY FANDAHARANASA TERAKA:

Ny fiarahantsika miasa no antoky ny fidiram-bola mety hositrahantsika

Fanontaniana mipetraka matetika ny hoe: ohatrinona ny vola mety ho azonay raha mamboly hazo miaraka amin'ny TERAKA izahay?

Ankoatry ny fandoavam-bola mialoha isaky ny hazo velona isan-taona, ny 70%n'ny tombom-barotra azo avy amin'ny fandaharanasa no ifampizaran'ny mpikambana rehefa manomboka mahazo tombony ny fandaharanasa TERAKA.Tombanana ho amin'ny 2031 na 2034 izany, ary mandritry ny vanim-potoanan'ny fandaharanasa (40 taona).

Tsindrina manokana fa fidiram-bola vinavinaina izany fa tsy tena ananana antoka. Toy ny mamboly katsaka ihany ohatra, ny vokatra dia miankina amin'ny zavatra marobe.

Ny fidiram-bolan'ny fandaharanasa dia miankina amina zavatra roa :

- ny fidiram-bola azo avy amin'ny fivarotana Tahiry Karbaona sy
- ny fandaniana mifandraika amin'ny fanatanterahana ny fandaharanasa TERAKA

Ny fidiram-bola azo avy amin'ny Tahiry Karbaona indray dia miankina amin'ny :

- habetsaky ny Tahiry Karbaona vokarin'ny fandaharanasa sy ny
- vidin'ny Tahiry Karbaona eny amin'ny tsena.

Ny habetsaky ny Tahiry Karbaona vokarina dia miankina amin'ny hadirin'ny hazo: izany hoe ny halehibeny sy ny fitombony . Rehefa velona sy mitombo tsara ny hazo dia mitombo araka izay koa ny karbaona voatahiriny ary afaka mivarotra ny tahiry karbaona ny orinasa. Tahaka ny hazo fihinam-boa dia mila fotoana vao afaka mioty ny vokatra: rehefa mamboly manga na letisy ohatra dia tsy avy hatrany dia mioty ny voa fa miandry taona maromaro vao misitraka ny voa tsara voalohany . Toy izany koa ny Karbaona: mila maniry, sy mitombo ary mitahiry karbaona ny hazo mba ho afaka mamokatra Tahiry karbaona sy misitraka fidiram-bola avy amin'izany. Izany no mahatonga ny hoe taona maromaro aty aorina vao misy ny tombom-barotra azo avy amin'ny fandaharanasa. Ny vidin'ny Tahiry Karbaona dia miankina amin'ny tsena sy ny kalitaon'ny Tahiry Karbaona.

Ny kalitaon'ny Tahiry Karbaona TERAKA dia miankina amin'ny fiaraha-mientantsika rehetra :

- tsy hanapaka ireo hazo TERAKA
- hamboly karazan-kazo samihafa
- hamerina indray ireo hazo zanatany efa ho lany tamingana
- hampihatra ireo fomba fanao ara-agroekolojika
- Hazoto handray anjara amin'ny fivoriana sy hampihatra ny fifandimbiasam-pitarihana.

Ny fandanian'ny fandaharanasa dia mihena arakaraka ny maha maro an'isa ny mpikambana mamboly hazo, ary ny fahamaroan'ny isan'ny hazo velona no hiantoka ny fidiram-bola ho an'ny rehetra. Rehefa natao ny kajikajy, miaraka amin'ny fandaniana voafehy sy vidy ankapoben'ny karbaona izay tombanana ho 40 euros/tonne (200 000 Ar/taonina) , ny mpikambana iray manana hazo velona miisa 250 izay voavoly nandritra ny dimy taona voalohany nidirany tamin'ny fandaharanasa dia mety hisitraka manodidina ny 700 000 Ar isan-taoana, , izany hoe 2 800 ariary isaky ny hazo amin'ny ankapobeny.

Izany rehetra izany dia tombana avokoa, miankina amin'ny fitombon'ny hazo, ny tsena ary ny fiarahantsika mientana. Io lelavola io dia mahakasika ny Karbaona irery ihany. Ny tsy azo hadinoina velively anefa dia ireo voka-tsoa samihafa azo avy amin'ny hazo toy ny : voankazo, rantsany afaka atao kitay, vilona, loha-menaka, fahatsaran'ny fahalonahan'ny tany, fiarovana amin'ny fihotsahan'ny tany, alokaloka, aro rivotra, fahafahan'ny tany mitroka rano sy mitana hamandoana,...Ireo rehetra ireo dia manan-danja amin'ny fambolenao ny taninao ary ny tontolo iainana misy anao.

Hafatrafatra farany: mazotoa hatrany mamboly hazo, kolokoloy tsara ary mandraisa anjara mavitrika amin'ny fandaharanasa, fa ireo rehetra ireo no manorina ny fidiram-bola maharitra ho anao sy ny ankohonanao

Manentana anao ary hamboly hazo maro, hikarakara izany tsara, ary handray anjara mavitrika amin'ny fandaharanasa no sady hanatsara ny fiainanao sy ny taninaoa ary ny tanànanao.



2 - MIASA AMIN'NY TETI-BOLA AMBANY MBA HAHAZO VOKATRA LEHIBE



Anisan'ny fanamarihana re matetika ny hoe "tsy mahita zanakazo ho volena izahay" rehefa miditra amin'ny toerana iray vaovao iray ny ekipan'ny fandaharanasa TERAKA. Na izany aza anefa, tsy nahasakana ireo tantsaha maro be hiditra ho mpikambana TERAKA izany.

Nahoana ary ireo tantsaha no tsy mitarai-tana-miepaka fa manolo-tena hatrany miaraka amin'ny fandaharanasa TERAKA?

Anisan'ny soatoavina iray iainan'ny mpikambana moa ny hoe "miasa amin'ny teti-bola ambany mba hahazo vokatra lehibe". Noho izany, manome lanja ny fahaiza-mitrandraka ny zava-misy eo an-toerana ny fandaharanasa TERAKA.

Vavolombelona azo tsapain-tanana ireo tantsaha maro mizara ny fomba fanao tsara sy ny fahaiza-manaony eny amin'ireo fivorian'ny Klastera tsirairay. Eo amin'ny fananganana tanin-janakazo ohatra dia mampiasa izay zava-misy eo an-toerana izy ireo: ratin'akondro, harona plastika efa simba sy nozairina, tavoahangy efa niasa, bararata,...

Tsapa ihany koa izany amin'ireo ady gasy ampiasaintsika toy ny famonoana bibikely amin'ny alalan'ny zava-maniry, famboarana zezika biolojika, …

Ankoatr'izany, ny tantsaha dia tsy mamela ny voa ho verivery fotsiny fa mandritra ny fotoana famozan'ny voa dia manangona sy mitahiry ireo voa mba hananganana taninjanankazo; izany dia tsy mitaky fandaniana.

Anisan'ny tanjaka ho antsika tantsaha izany fahaiza-mikarataka izany satria na dia tsy manana fitaovana manaram-penitra ary isika dia afaka mahatratra ny tanjona ary ihany koa tsy voatery handany vola.

Toraka voninkazo ho an'ireo mpikambana rehetra tsy mitsahatra mizara ny fahaiza-manaony mba hampivoatra ny mpiara-belona sy ho fampivoarana ny tanindrazana iombonana. Ny vahaolana dia ao amintsika, ny fahaiza-manao ananantsika dia ahafahana mampandroso ny fiaraha-monina misy antsika.

Ry mpikambana TERAKA, 'ndao ary hiara-hiroso hatrany. Ny voandalalana izay zaraintsika eo anivon'ny Klastera dia mandray anjara amin'ny fahombiazan'ny rehetra.

RAMOSE BRITTO: TEKNISIANINA MPITARIKA AMIN'NY FANATSARANA Ny TONTOLO IAINANA SY NY FIARAHA-MONINA


Olona mavitrika sy mitsiky lalandava i RABEFIRAISANA Lucien Jean de Britto, fantatry ny maro amin'ny hoe Ramose Britto, teknisianina matihanina eo amin'ny tontolon'ny fiompiana, avy ao amin'ny Fifamanor, mpitarika miavaka eo amin'ny sehatra misy azy.

Manambady ary manan-janaka 3, ny andavanandrom-piainany dia eo anilan'ny tantsaha mpiompy mifampizara ny haitaony hanatsarana ny vokatry ny fiompian'izy ireo sy manaramaso ny fahasalaman'ny biby fiompy.

Ramose Britto dia nisafidy ny hampiroborobo ny fambolena sy fiompiana tantanam-pianakaviana. Manamarika ny toeram-pamokarany ny fomba fanao ara-teknika ary manome taratra izy eo amin'ny asa ataony ny fahatsaran' ny vokatra amin'ny fampiasana ny zava-misy eo ampelatanana.

Mpikambana ao amin'ny filankevim-pitarihana, ramose Britto dia anisan'ireo olona nisoratra anarana voalohany tao anatin'ny fandaharanasa TERAKA, nanomboka ny taona 2023, ary izy no anisan'ny mpitarika ny fandaharanasa eny Mahazoarivo, amin'ny fambolena voankazo fihinamboa toy ny voasary sy zavoka. Lehilahy malagasy, mpisehatra amin'ny fiompiana izy ary koa mandrisika ny mpiara-monina aminy amin'ny fiarovana ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fambolen-kazo. Araka ny voalazany ombieny ombieny ny fambolenkazo dia adidy iombonana ho fiarovana ny loharano, ny riaka, ary manatsara ny fahasalaman'ny tany fambolena. Mpitarika resy lahatra, ramose Britto dia mitaona ny tantsaha hiara hiasa, hifampizara traikefa sy hifanampy araka ny fahafahan'ny tsirairay. Ny firaisankina sy ny fiaraha-miasa no fanoitra ho amin'ny fampandrosoana maharitra.

Ramose Britto manokana dia nanampy tamin'ny fiforonan'ny vondrona madinika miisa 6, ahitana mpikambana tantsaha 40 eo ho eo. Tsara ihany koa ny manamarika, fa ity teknisianina ity dia nanangana tanin-janakazo maromaro. Tsotra ny vinany: miara-manorina ho avy maharitra ahafahana mampiroborobo ny fambolena manaja ny natiora.



ZEZIKA RANONA TAIN'AKOHO : Manankarena azota, tena ilaina ho an'ny fitomboan'ny hazontsika: Fampizarana ataon'i Haingo, mpikambana TERAKA sy mpanampy klastera ao Ambohitrambo, Faritra Itasy

Akora ilaina : tain'akoho 1kg + rano madio 4 litatra

Ny fikarakarana azy:

- Mba hahazoana tain'akoho misimisy, dia angony matetika ny tain'akoho ao ampisokonao. Toy izao ary no atao:
- Atao ao anaty kitapo ny tain'akoho sahabo 1kg voaangona.
- Trobahana mba hisy lavaka maromaro ilay kitapo.
- Maka tapaka bidon na seau, ary asiana rano 4 litatra madio. Ajoboka ao ilay kitapo misy tain'akoho ary apetraka amin'ny toerana tsy azon'andro be loatra.
- Milona ao izy mandritra ny 14 andro ary isan'andro dia ahontsana ilay kitapo mba hivoaka ny tsiron'ilay tain'akoho
-

Toy izao ny fampiasa azy rehefa vita:

- Ranona tain'akoho 1 litatra tapohana rano madio 4 litatra
- Atondraka amin'ny zana-kazo rehefa iny folapolaka iny ny andro
- Tandremo mba tsy ahakasika ny vatan'ilay hazo ny tondraka. Ny tany no tondrahana fa tsy ilay hazo
- Rehefa izay dia maka rano madio indray anondrahana farany mba hitsika tsara anaty tany ilay zezika. Koa satria mety ho sahirana isika hitatitra rano, dia araraoty ary izao fotoanan' ny orana izao hanaovana ity fomba fanao mahomby ity.



Afaka andro vitsivitsy monja dia ho hitanao fa ho lasa maitso mavana ery ny zana-kazonao. Mora atao, ary tsy mandany vola ity zezika ity. Afaka atao amin'ny fambolena samihafa toy ny legioma, indrindra ireo mandravina. Koa samia manao ary dia ifampizarao amin'ny namanao ary ilazao zahay hoe nanao ahoana !

TSARA HO FANTATRY NY VONDRONA MADINIKA

Nahoana no tsy maintsy misy solontenan'ny Vondrona Madinika amin'ny fivorian'ny klastera ?

Tokony hisy solontenan'ny Vondrona Madinika ao amin'ny fivorian'ny klastera satria fotoana lehibe izany hifampizarana sy hifanakalozan-kevitra. Ny fivorian'ny klastera ihany koa dia fotoana fampivelarana ny fahaiza-manao amin'ny alalan'ny fizarana ny fomba fiasa tsara, ny fiofanana ary ny fampiharana eny ifotony.

Tsarovy hatrany fa miankina amin'ny fahazotoantsika mivory ny fahazahoantsika tombony amin'ny tahiry karbonina (izay mety ho iray ampa-efatra ny vola miditra).

Ny fahavitrihantsika dia anisan'ny miantoka ny anjara tombontsoa fanampiny horaisintsika (izay ¼ ny tombontsoan'ny tantsaha amin'ny tombony azo amin'ny fivarotana Karbaona)

Mandritra'ny fivorian'ny klastera ihany koa no mizara ny tapakilan'ny fandoavam-bola ny sampan-draharaha ara-bola ao amin'ny TERAKA.

Ny fahavitrihantsika hamonjy Kalstera dia mampihena ny fandaniana eo anivon'ny fandaharanasa satria mampihena ny vola laniana amin'ny fanantonan'ny mpanampy Klastera eny ifotony.

Ampitapitao ihany koa ry tantsaha namana ny fampitàna ny fitambaran'ny isan'ny hazo velona sy ny isan'ny hazo nambolena tao anatin'ny volana lasa. Ilaina izany mba hanomanana ny fanisàna hazo manaraka.

FAMPATSIAHIVANA TERAKA

Ny tantsaha izay maniry hiditra ho mpikambana ao amin'ny fandaharan'asa TERAKA dia mila misoratra anarana. Avy eo dia mandrafitra Vondrona Mandinika izay misy mpikambana 6 ka hatramin'ny 12.

Rehefa mazava tsara amin'ny mpikambana tsirairay avy ny tetik'asa no sady miaiky ny tombon-tsoa azo avy amin'ny fambolen-kazo dia miroso amin'ny fanaovan-tsonia ny fifanekena ny fivarotana ny tahiry karbonina.

Rehefa feno eritaona ny hazo aorinan'ny nambolena azy, amin'izay fotoana izay no tonga manisa ny hazo velona ny TERAKA eny anivon'ny Vondrona madinika nanao fifanekena.

TETIANDRO FANANGONANA SY FAMAFAZANA VOA: Febroary ,Martsa, Aprily, May

Karazan-kazo	Asa atao	Volana
Manga (Mangifera indica)	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Febroary
Paiso Gasy (Prunus persica)	Fanangonana voa	Febroary
Zavoka (Persea americana) Zavoka Baie rose (Mespilus germanica)	Fanangonana voa, Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Mars, Aprily
Pibasy (Mespilus germanica) Bibasy	Fanangonana voa	May
Rotra (Eugenia jambolana) Palissandre (Dalbergia monticola) Liste Rouge Ramy (Canarium Madagascariensis) Janborgian (Zamborozana)	Fanangonana voa, Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Febroary, Martsa
Voaroy (Morus sp.)	Fangalàna taho, Famindrana ny taho tao amin'ny kitapon-janakazo	mandritra ny taona
Ampalibe (Artocarpus heterophyllus)	Fanangonana voa, Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Martsa, Aprily, May
Ravitsara (Cinnamomum camphora)	Fanangonana voa	May, Jona
Frène (Fraxinus excelsior- Frène commun/ grand frène)	Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana	Febroary

FANONTANIANA MATETIKA MIPETRAKA

Mikasa hamboly hazo fihinam-boa izahay amin'ny alàlan'ny tekinika fambolen-kazo. Mba afaka manampy anay ve ny ekipa TERAKA amin'ny fitadiavana toerana fivarotana ?

Ny ekipa TERAKA dia vonona hanampy ny tantsaha ary manao izay rehetra azo atao ho fanohanana azy ireo ny amin'ny fanatanterahana izany.

Afaka isaina isan-taona ve ny hazo namboleko ?

Miankina amin'ny isan'ny hazo nambolen'ny Klastera anareo izany.Raha mihoatra ny tanjona napetraka ny isan'ny hazo dia azo ataon'ny TERAKA ny mandefa mpanisa hazo. Raha tsy nahatratra ny tanjona kosa ny isan'ny hazo, dia somary sarotra, satria lasa mavesatra ny fandaniana mikasika ny fidinana eny an-toerana sy ny fanisàna. Na izany aza, mandritra ny taona voalohany, afaka manantanteraka fanisana hazo raha toa ka mahafeno ny fepetra ilaina sy nanao sonia ny fifanarahana ara-barotry ny Tahiry Karbaona ny Vondrona Madinika. Manan-kery izany na dia somary vitsy aza ny isan'ny hazo novolena.

MPIKAMBANA TERAKA AMIN'IZAO FOTOANA IZAO (18/02/2026)

Faritra	Isan'ny voasoratra anarana rehetra	Isan'ny voasoratra anarana mahafeno fepetra TERAKA (efa ao anatin'ny Vondrona Madinika)	Isan'ny Vondrona Mandinika TERAKA
Amoron'i Mania	5 833	3 014	366
Itasy	7 751	2 954	380
Vakinankaratra	2 732	573	71
Alaotra Mangoro	3 145	109	126
TOTAL	**19 461**	**6 650**	**943**

GAZETY Tohiravina
TERAKA
212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo
Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : Cédric Hobinirina De Foucault, Mathieu Rahm, RAKOTONIAINA Nambinina, RAFANOMEZANTSOA Jean Marcel, VELOMIAFARA Offman, RASOARIMALALA Fenosoa
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro
www.teraka.org

Ny vaovao sy ny fitarainana dia apetraka eny anivon'ny Mpandrindra rezionaly TERAKA na ny Tomponandraikitra ara-piaraha-monina TERAKA :
034 88 142 36, 032 03 945 00, 033 50 854 11